## Fainam-pirenena
# Miandry vidim-piainana « mora » koa ny vahoaka 7

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 9 marsa 2019 Laharana 884 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**Romana 16: 25-26** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 117), Madagasikara 07 martsa 2019

## Andramena na bois de rose 2
# Dia ahoana koa ny manaraka ?



## 8 marsa, Ben'ny tanàna sy ny CUA 2
# Tsy nanadino ireo mpiara-miasa vehivavy



**BORIBORINTANY FAHA 3 (CUA)** 2
## Nohavaozina ny 90% ny biraom-pokontany Antaninandro Ampandrana



**Finoana, Antsirabe** 6
## Tafakatra any amin'ny fitsarana ny olan'ny FLM Antanimandry

**Mikatso ny fanadihadiana** 6
## Mpitandro filaminana nitifitr'olona

**Fampanantenan-dRajoelina** 3
## Andrasana ny fanampiana homeny an'i Comores

**Daka kely**
Ny eto ary tsy vitan'ialahy ry Boaikely koa hoe hanampy ny kaomoriana !

**Antoko AREMA** 2
## Handray anjara amin'izay fifidianana hisesy eo



BEN'NY TANÀNA SY NY CUA

# Tsy nanadino ireo mpiara-miasa sy ireo vehivavy avy amin'ny Boriboritany miisa 6

Lanonana nakotrokotroka no notanterahana ho fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny vehivavy : faha-08 Martsa 2019, tetsy amin'ny Parvis ny Lapan'ny Tanàna Analakely omaly maraina, izay teo ambany fiahian'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana, notronin'ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanàna, Andriamatoa Marc Ravalomanana sy ireo mpiara-miasa amin'izy ireo ao amin'ny fiadidian'ny Tanàna ary ny fianankaviamben'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tsy nanadino ny vehivavy mpiara-miasa, syny vehivavy avy amin'ny Boriboritany miisa 6 eto an-drenivohitra arak'izany ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina manokana ary ireo mpiara-miasa aminy. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ihany koa ireo vahiny nasaina toy ny solontena avy amin'ny Vondrona Eoropeana. « Mandinika anaty fitoviana, manorina amin'ny saina matsilo ary mitady zava-baovao ho amin'ny fanovàna », io no loha-hevitra nofidiana tamin'ity fankalazana ity. Namafisin'ny



*Ny lanonan'ny 8 martsa tetsy Analakely omaly.*

Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana fa mila ananan'ny vehivavy ny fahaleovantena indrindra ny ara-tsosialy sy ara-tokarena. Mitaky saina vaovao sy fomba fijery vaovao ary handinika hanana saina hitondra fanovàna izany sady hitondra vahaolana amin' ny fampandrosoana miralenta hoy izy. Adidy sy andraikitry ny rehetra ny manampy ny vehivavy hanome sehatra eo amin'ny teknolojia. Ny vehivavy no taratry ny fahatsaràna sy ny filamiana ary tokony ho voalohany amin'ny fandraisana andraikitra. Nomeny lanja ihany koa ny fanatsaràna ny fampidiram-bola, ka efa nataony laharam-pahamehana izany. Efa nisy ny fanampiana ny vehivavy toy ny fampiofanana fiompiana akoho sy ny fanodinana ireo akora samihafa ho azo ampiasaina indray. Betsaka ny asa efa vita, hoy Ramatoa Ben'ny tanàna izay mbola hohatsaraina hahatrarana ny Objectif de Développement Durable, na fampandrosoana maharitra. Ho vehivavy hahazo rano fisotro madio anie ka hiala amin'ny Bidon Mavo ny vehivavy, anisan'ny tanjona izany. Ankoatra ny vahiny nandray fitenenana izay nanamafy ny anjara toeran'ny vehivavy sy ny olana mianjady aminy dia nanambara koa ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanàna Marc Ravalomanana fa teboka 3 no amehezana izao fankalazana izao, dia ny vehivavy tsy tokony hiharitra herisetra satria tompon'ny aina. Miara-misaina, mandinika ary manangana amin'ny fahakingana izy ireo. Manangana fa tsy mpandrava. Mitovy fijery hanatanteraka ny asa miaraka ka ny tombontsoa iombonana no ilaina. Mirary soa ny vehivavy rehetra tsy ankanavaka Andriamatoa Marc Ravalomanana hanana soa toavina sy hasina amin'ny maha vehivavy azy. Natomboka tamin' ny fotoam-pivavahana ny fotoana ary nialohavana fifaninanana hazakazaka nataon'ireo mpianatra sy ny mpiasan'ny kaominina, nanodidina an'Analakely, notolorana loka avokoa izy rehetra ireo. Ireo 3 voalohany isaky ny Boriboritany koa tamin'ny fifaninanana nanasa lamba dia nahazo loka avokoa. Ireo solontenan'ny vehivavy avy amin'ny Boriboritany miisa 6, sy ny mpiasa vehivavin'ny kaominina, niatrika izao lanonana tetsy Analakely izao koa dia nomena menaka sy vary avokoa. Nofaranana tamin'ny fitsidihana ireo tranoheva ny fotoana ho an'ireo manam-pahefana.

***Rajaonarimpanontsana***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Andramena na bois de rose

### Miandry ny manaraka ny rehetra

Efa nambara teto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao fa maherin'ny 60 eo ireo olona hosamborin'ny fitondram-panjakana amin'ny resaka fanondranana Boaderozy na andramena sy ny harem-pirenena teto. Dia ireny hitam-poko hitam-bahoaka ireny fa nisesisesy ireo voarohirohy amin'izany. Efa misy ny naiditra am-ponja ary eo koa ny mbola atao fanadihadiana eny amin'ny tobin'ny Zandarimariam-pirena sy eny anivon'ny Bianco ary ny PAC Pole Anti-Corruption. Mihazakazaka tokoa ny raharaha fa ny mahavariana ny maro dia ireny ihany tokoa ve no ati-doha nikotrika ny fanondranana Andramena? Sa ny akamakama tsy azo kitihana. Mifangaroharo ao daholo mantsy na mpanenjika na ny henjehana ary raha ny fahitana izay dia toa iray tarika tao anatin'izany ny ankamaroany, ka izay tratra aloha dia any ambany Atsinanana, na Antanimora no mifika mangahazo maina, na any Tsiafahy mihitsy. Valifaty raha tsorina no fahitana azy sao koa hivadika ny rasa ka ilay mpanenjika indray no lasa any am-ponja. Izay tonga aloha koa moa no tompon-tanindrazana ary manana fahefana eo am-pelan-tanana hampihatra ny lalàna. Betsaka no lasa mpanan-karena sy mpanefoefo tampoka nandritra ny fotoana nanondranan'izy ireo Andramena ary ny mahagaga dia tsy hita fototra ireo hazo sarobidy voaondrana na dia efa nisy aza ny nogiazan'ny fanjakana. Tsy hita popoka araka ny fiteny ireo harena ireo, izany hoe, iza ary no tena mpanondrana azy ireny? Izay no mahatonga ny maro manontany tena, manao hoe fa tany tsy misy fanjakana ve eto Madagasikara sa samy mpiray tsikombakomba avokoa na ny natao ho mpanenjika sy ny natao ho henjehana? Toa lasa fihetsiketseha fotsiny ny fahitan'ny mpanara-baovaoa azy mba hoentina ilazana fa tena miady amin'ny kolikoly tokoa ny fitondrana. Inona indray ary no manaraka dia iza indray no ho samborina manaraka ao anatin'izany sarimihetsika mahavalalanina izany.

***Rajaonarimpanontsana***

Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana

# Nitrotro am-bavaka ny vehivavy sy ny Renivohitra

Tontosa soa aman-tsara ny fankalazana ny andron'ny vehivavy 08 Martsa, andro eran-tany ho an'ny vehivavy omaly ary dia samy nihazakazaka nankalaza araka izay tandrify azy ny tsirairay isaky ny faritra. Ny teo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) kosa dia niavaka raha mitaha amin' ny hafa satria dia niezaka nanao izay hahatomombana izany tetsy amin'ny Parvis Analakely izy ireo, nialohavana fifanakalozan-kevitra ny alakamisy maraina niarahana tamin'ireo mpikarakara rehetra. Niova endrika ny lapan'Analakely tamin'ireo fampirantiana sy fametrahana voninkazo ravaky ny Tanàna. Ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana no reny mpiahy izany lanonana izany amin'ny maha Renin'ny mponin'Antananarivo Renivohitra azy, izay nitondra ny fiarahabana ho an'ny vehivavy rehetra sady nitondra amim-bavaka ity renivohitra iombonana ity. Nisy ihany koa ny hazakazaka nihodidina



an'Analakely natao tamin'izany. Nanao izay ho afany tokoa ny CUA araka izay kely teo ampelatanany. Fa raha atao indray mijery ny lanonana hafa, toa nangatsiatsiaka tsy tahaka ny isan-taona fa indrindra ny eo anivon'ny fitondram-panjakana raha ny teto an-drenivohitra, nihazo ny tany Mahajanga izy ireo satria tany ny fanamarihana ofisialy. Zara raha nanaovana fikarakarana goavana ho an'ny fitondrana teto andrenivohitra, kanefa rehefa hampifaly ny vahoaka nifidy Mapar sy TGV dia vola mihoapampana no atao fafikatrana. Ireny tokoa angamba ilay vola tsy nosasarana sy azo tamin'ny kilaodaoka ka tsy maninona raha lanilaniana amin' izay mahamety azy. Ny tsapa ihany koa dia ireo mpanao politika mitady toerana Governora sy Solombavambahoaka atsy ho atsy no mandrirotra ilay andro fankalazana ny 08 Martsa mba hisintonana ny fon'ny vahoaka fa indrindra fakana ranondranony amin'ny mpitondra sao mba misy vola mipitika avy any ambony hanaovana fampielezan-kevitra. Vola be tokoa mantsy no tsy maintsy hampiasaina rehefa fampielezan-kevitra ary raha tsy misy mpamatsy sy mpanohana ara-bola dia ho sasapoana ihany. Ny avy ao anatin'ny fitondrana sy ireo mpiara-dia aminy no tena mihazakazaka mafy ary na hifanaratsy am-pitoerana aza tsy ahoan'izy ireo. Ny tsy mitovy hevitra aminy sy heverina fa fahavalo politika indray moa dia atao mihitsy izao fanenjehana sy fanaratsiana rehetra izao na mivantana io na ankolaka.

***Rajaonarimpanontsana***

Nofy lalaina Haingoharijaona (Tsiorintsoa)

# Ho kandidan'ny vahoaka eny Atsimondrano

Noho ny fankalazàna ny andron'ny vehivavy 8 martsa dia nifamotoana tao amin'ny foiben-toeran'ny fikambanana tao lavoloha, ireo mpikambana marobe tao amin' ny Association Tsiorintsoa Atsimondrano, notarihin'ny filohany, Ramatoa Nofy Lalaina Haingoharijaona, nankalaza ity andro lehibe ho an'ny vehivavy ity. Nandritra ny fankalazàna ny 8 martsa teo lavoloha ihany koa no nanambaran'ity farany tamin'ny fomba ofisialy, fa ho kandida depiote ao amin'ny distrikan'Atsimondrano ny tenany ary tena hitondra ny tenin'ny vahoaka tokoa, fa tsy ho mpanangan-tanana fotsiny. Kandidan'ny vahoaka no anarana hisaloranay hoy izy fa tsy hiankina amin' ny antoko politika. Tsy hananga-tanana fotsiny eny Tsimbazaza fa hanohy ny asa soa atao amin'ny vahoaka ety Atsimondrano na lazaina aza fa tsy andraikitry ny solombavambahoaka izany. Ka na lany depiote na tsy lany hoy ny kandida depiote Nofy Lalaina Haingoharijaona dia vao mainka atao mafimafy ny fikambanana Tsiorintsoa amin'ny asa sosialy izay efa nataony hatramin'izay hoy izy. Raha ny fantatra dia ny alatsinainy izao no hametraka ny taratasy firotsahan-ko fidiana eny amin'ny OVEC Nanisana Ramatoa Nofy Lalaina Haingoharijaona kandidambahoaka. Teo anatrehan'ireo mpikambana marobe ao amin'ny association Tsirintsoa Atsimondrano, nanoloana ireo mpikambana marobe teny amin'ny foibentoerany teny lavoloha no nanambaràn'ny filohany izany.

***Helisoa***



Ny Valosoa sy hadihady

# Vehivavy : tsy ampy hery ara-batana fa matanjaka ara-pikajiana

Andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy ny 8 Martsa ka anisan'ny nanamarika izany ny teto Madagasikara. « Fanaka malemy » ny vehivavy araka ny famaritan'ny Ntaolo malagasy azy. Heverina fa ara-batana ihany izy io satria misy asa na zavatra atao ilaina herim-batana sy herin-tsandry tsy ho vitan'ny vehivavy mihitsy. Fahiny tokoa dia ny kenonkenona ao an-tokantrano no ataon'ny vehivavy fa ny lehilahy no mitana angady mamadika bainga eny an-tsaha. Ankehitriny dia mbola mitovitovy amin'izany ihany ny eny amin'ny tontolo ambanivohitra ary ny ety an-drenivohitra indray dia asa tsy ho vitan'ny vehivavy mihitsy, ohatra, ny fitarihana sarety izay ny lehilahy no misolo toerana ny omby. Any amin'ny toeram-piasana isan-tokony any dia saika ny vehivavy no manao ny fanadiovana ny birao fa ny lehilahy no mibatabata mamindra izay zavatra mavesatra. Ny tena anton'ny nanokanan'ny Firenena Mikambana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy dia noho ny fitakiany ny fitovian-jo amin'ny lehilahy eo amin'ny sehatra rehetra : sosialy, toekarena, politika. Tsy vao izao anefa fa efa tsapa fa hatramin'izay dia maranin-tsaina ny vehivavy ary amin'ny ankapobeny dia malemy ny lehilahy manoloana azy. Tamin'ny faramparan'ny taonjato faha roapolo sy amin'izao taojato faha iraika ambiroapolo izao dia efa maro ny praiminisitra sy filoham-pirenena tany amin'ny firenena any ivelany. Tsy vitsy koa ny kandidà ho filoham-pirenena na ho mpikambana ao amin'ny parlemanta na ho ben'ny tanàna, ary iaraha-mahita izany na eto Madagasikara aza. Eo amin'ny sehatra ara-tsosialy dia efa maro ny vehivavy mpitsabo mpanampy, ny mpampianatra amin'ny ambaratonga rehetra, ny dokotera izay efa afaka mifaninana tsara amin'ny lehilahy. Raha eo amin'ny sehatry ny famokarana indray dia tsy vitsy ny injeniera, ny ekonomista, ny mpitantana (gestionnaire) mitana toerana ambony. Raha eo amin'ny sehatra politika kosa eto Madagasikara dia efa nisy ireo mpanjaka vehivavy, tsy teto afovoan-tany ihany fa hatrany an-tsiraka. Taty aorian'ny namerenana ny fahaleovantena, tao amin'ireo repoblika nifandimby, dia efa nisy ny vehivavy nitana andraikitra ambony toy ny minisitra sy parlemantera teto amin'ny Firenena. Ny tsara hasongadina eto dia ny tamin'ny Repoblika II, ka ny vadin'ny filoha tamin'izany dia nitazona andraikitra lehibe ankoatry ny naha « première dame » azy satria izy no lehiben'ny Koparema. Niaraha-nahalala fa anisan'ny politikam-panjakana tamin'izany ny fananganana koperativa ka toy ny sabatra roa lela ity koperativa ity satria ny vola miditra avy amin'ny fivarotana ny vokatra dia azy madiodio izay tsy misy nidiran'ny fanjakana ary etsy ankilany kosa dia politika fanamafisana orina ny fitondrana koa satria mamatsy ara-tsakafo ny mponina amin'ny vokatry ny fambolena. Tsara ho marihana anefa fa raha ny maha koperativa azy dia tokony ho ny vahoaka manodidina ny toeram-pambolena no karamaina saingy ny tafika no nisahana ny fambolena. Manaporofo izany fa tena maranin-tsaina tokoa ny vehivavy ary rehefa miketrika izy dia sarotra ho an'ny lehilahy ny handà izany. Amin'izao Repoblika IV izao dia tsy takona nafenina ny fitsabahan'ny vadin'ny filohan'ny Repoblika amin'ny fitantanana ny firenena, ka izy mihitsy no nanao izay nanendrena tomponandraikitra ambony kanefa saika tafaroboka amin'ny raharaha maloto ireny olomboatendry ireny. Tsy ilaina ny milaza anarana olona fa ny azo lazaina dia vehivavy izy ireny. Namaritra izay ho andraikitry ny vadiny ny filohan'ny Repoblika IV amin'izao fotoana izao. Araka ny fantatra dia tsy mahazo mitsabaka amin'ny raharaha politika izy. Anisan'ny politikan'ny fitondrana amin'izao fotoana izao ny fiarovana ny tontoko iainana sy ny famerenana an'i Madagasikara ho Nosy maintso. Nisantatra ny taom-pambolen-kazo ny filohan'ny Repoblika ary nanentana amin'ny fambolena hazo ao anatin'ny velaran-tany efatra alina hektara (40 000 Ha) isan-taona. Anisan'ny ho fiarovana ny ala ihany koa ny fampienana ny fampiasana ny arina (charbon). Tsara ho marihana anefa fa mbola io no akora zakan'ny fahefa-mividin'ny ankamaroan'ny Malagasy. Nentin'ny vadin'ny filohan'ny Repoblika ny 8 Martsa 2019 dia ny fametrahana ny vato fehizoron'ny hananganana ozinina hamokatra "ethanol" any Ambilobe. Marina fa ny vehivavy no mampiasa ny arina amin'ny fandrahoana sakafo. Ao anatin'ny programam-panjakana ny fiarovana ny ala ka tetikasam-panjakana izany ny fananganana izany ozinina izany. Saingy efa voarakitra ao anaty tetibolam-panjakana 2019 ve ny fananganana izany ozinina izany? Raha an'ny fanjakana ny orinasa dia olom-panjakana izany no tokony nametraka ny vato fehizoro satria, araka ny fantatra dia ny sehatra ara-tsosialy ihany no azon'ny vadin'ny filohan'ny Repoblika sahanina. Manan-tsandry sy mety ho mana-tsaina ihany koa ny lehilahy ary efa nibahana teo amin'ny sehatra politika hatrany, kanefa raha ny niainana teto amin'ity Nosy ity tato ho ato dia mbola resin'ny vehivavy raha ketrika no asian-teny.

*Andry Tsiavalona*

**Fampanantenan-dRajoelina**

## Andrasana ny fanampiana homeny an'i Comores

Nalaza sy naresaka nataon'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina fa hatanjaka ara-toe-karena isika, ka hanondrana ireo akora voahodina eto an-toerana ary hanampy ny Nosy rahavavy atsy Comores. Fa maninona no ny Komorianina no ampiana fa tsy firenena hafa. Misy fifanarahana manokana angamba na misy fianakavian'ny mpitondra any matoa io no voatonona. Ny Malagasy aza tsy velona ka i Comores indray no ilingilingiana kanefa ny zavamisy hatramin'izao dia io firenena volaza io toa efa mihoatra antsika raha atao ny fampitahana. Misy mihitsy aza tera-tany Malagasy mitsoa-ponenana any vokatry ny fahantrantsika. Koa ampiana manao ahoana moa izy io. Tsy misy maharatsy ilay hevitra hoe : afaka manondrana ny vokatra avy eto Madagasikara isika fa rahoviana izany Vina izany no ho tonga. Ny Delestazy sy ny Grevy etsy sy eroa aza tsy afaka, ny tsy fandriampahalemana sy ny karazan'aretina tsy foana. Ny vidim-piainana eto efa tsy hay iainana intsony . Mbola miandry ilay volabe avy amin'ny nofinofy IEM ny malagasy. Nofinofy satria toa lasankovavany hatramin'izao ilay fampanantenana natao nandritra ny fampielezan-kevitra. Madiva ho tapitra koa ny 3 volana itondran-dRajoelina, tsy mbola hita soritra mazava ny lalankombana hizoran'ny firenena. Iza amintsika vahoaka maro an'isa izao no afaka milaza fa tena mihatsara ny fari-piainany. Voalaza ihany koa fa tsy nisy fanampiana avy any ivelany nandritra ny tetezamita dia nahavita an'izao sy izao. Vao mainka niha-nahantra isika. Fahadimy avy any amin'ny rambony , firenena faran'izay mahantra indrindra. Eo an-toerana ny filoha ankehitriny, toa ny teo ihany no teo, lasa nanjary nitady vola avy any ivelany indray Rafanjakana. Mbola vao mainka niha-sahirana Ramalagasy. Nankaiza ary izay vola azo teo, angamba efa lasa any Comores ? Miandry izay fanampian-dRajoelina izay ny Kaomoriana, sao ny Kaomoriana indray aza no hanampy antsika. Anjaran'ny tsiraray ny mamaly izany.

*Rajaonarimpanontsana*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mandrindra R**

NY TENY FIAINANA



*Matio 21:22*

*Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tsy mahita intsony ny maso ilan'ilay mpianatra noratrain'ny Emmo-Reg teny Vontovorona



**Claudine Andriantsoa** : mpianatra tao Vontovorona naratra teo amin'ny masony nandritra ny hetsika nataon'izy ireo ny 27 febroary lasa teo. Tsy mahita intsony ny masony vokatry ny tifitra bala fingotra nataon'ny mpitandro filaminana Emmo-Reg. Mampahery azy.

**Ilojihy Molopi** : mianatra an'ny mpitandrofilaminana an'i reny malala ndray reto mpitandro filaminana eto amtsika . mitoraka flash-ball any am maso zalahy any d mba lasa ihany koa.

**Estelle Ramia** : betsaka ny lesona azonao, sy tsoahin'ny hafa t@ iny tranga iny, ka teny tsotra ihany no atao dia ny hoe mihevera sy mandiniha ihany rehefa manao Zavatra, fa tsy mitondra vokatsoa ny fihetsiketsehana ,ary raha misy aza mety tsy ianao vantany no hisitraka izany.

**Alain Ramarosolo** : raha any @ tany mandroso tompoko indrindra fa any @ renimalala dia misy ny fanadihadiana ary ilay nitifitra sy nanapoaka ny masony zandry dia migadra tsotra izao... tsy fahaizana mifehy ny fitaovana hampiasaina sy tsy fanajana ny zon'ny mpianatra mitaky ny maharary azy no nataon'ny Emmo-Reg.

**Rany Laza** : t@ androny dada r8 iany no mba nilamina ny mpianatra fa vo nanomboka ny tetezamita tonga de bé boty no mamaly ny fangatahany mpianatra. t@zany aza mbola omena vatsy ny mpianatra mianatra any ivelany. Izao miditra amin'ny jadona tanteraka ny fitondrana Rajoelina, ny franchise Universitaire hitsakitsahina.

**Tiana Sembic** : mirary soa bdb ho anao, ry mpitondra aoka mba tsy ho herimpamoretana lava ianareo mba henoy ny hafa sy ny vahoaka fa namela anareo ho eo am seza, malagasy toa anao reo matoa mitaky misy antony fa mba mihainoa ary zanaka ireo azo anarina fa tsy amin'ny basy na fitaovampiadiana no ananarana azy ireo.

TONONKALO

## Ny vehivavy sy ny zony

Raha mamiratra ny hoavin'ny taranakao ry taniko,
Dia iretsy vehivavy no deraiko sy andrianiko.
Fa na eo ny fahosàny sy ny halemena izay nananany,
Hainy ny nanova izany mba ho hery teny an-tanany.

Indro niova ny fijery irony rafitry ny lasa :
"Tsy ny lehilahy irery no voatendry mba hiasa ,
Fa ny vehivavy vanona sy fanaingam-pivoarana
Tsy manaiky ny hijanona ho fitaovam-pamokarana .

Tsy manaiky ny hogiazana , hofenjaina sy hofatorana
Ary tsy mitazantazana miandry foana hotolorana ,
Fa dia tsinjonao mirotsaka eo anivon'ny tontolo
Ka tsy ambakan'ny kapotsaka mihevitra azy tsy ho voasolo.

Tsy manaiky ny hosena mba ho andevo sy ,mpahandro
(vokatry ny hafetsena sy ny fomba lany andro )
Fa manohitra tsy miato ny herisetra sy habibiana ,
Ary izay no tsangambato, taratry ny fitoviana.

Tsy dia hoe misolantsolana , te haninana ny andaniny
Na hanakatra ny volana mba ho ravaky ny akaniny ,
Fa mikendry sy mikasa ny hisondrotra eny ambony
Ka tsy "vava" fa ho "asa" no hiainany ny zony.

Fa ny zo tsy hoe karohina , f 'avy hatrany dia hiainana,
Toy ny rivotra nofohina , tonga ho azy tsy am-pisainana.
Nefa koa dia mety miala fa lazaina am-pahatsorana
Nony vao misalasala tsy handray ireo notolorana .

Ka ny zon'ny vehivavy dia iainany avy hatrany.
Tsy ilaina ny miangavy ny hamerenana an'izany
F'efa zo voajanahary taratry ny fitoviana
Saingy indrisy mankarary , tsy voahaja aty aoriana !

*SEDERA RAVALISON*

BORIBORITANY FAHA-6

## Manampy ny Andraina Association ny Amboma Misôma

Manohana ary manampy ny hetsika ara-tsosialy tantanin'ny Fikambanana mpanao asa soa Ny Andraina Association eny amin'ny Fokontany Ambatolampy Antehiroka, Boriboritany faha-6, ny mpitarika ny Amboma Misôma, Zoky Todisoa. Tsy vao izao izany fa efa nanomboka ny taona 2014 ary nijerena manokana ireo zokiolona sy ny sahirana teo anivon'ny fokontany 31 ao amin'ny Boriborintany faha-6 Ambohimanarina. Fankasitrahana hatrany no atolotrin'ny mpitantana ny Association Ny Andraina. Zoky Todisoa rahateo dia mivelatra amin'ny asa sosialy : Tanora-Fanatanjahantena-Fanabeazana-Sosialy, izay tsy anavahana na iza na iza ny sehatra iarahana miasa ho fitsinjovana ny mpiara- monina eto anivon'ny Boriborintany faha6 Ambohimanarina. Ny volana febroary 2019 teo izy ireo no nifampiarahaba nahatratra ny taona ka nisy fizarana PPN sy akanjo ary fiaraha- misakafo tamin'ireo olona misitraka ny fanampiana. Manampy hatrany ho soa ho an'ny mpiarabelona, no teny filamatry ny fikambanana Amboma Misôma.



*Fiaraha-miasa amin'ny fikambanana roa eny amin'ny Boriboritany faha-6.*

**Helisoa**

Antoko AREMA

## Handray anjara amin'izay fifidianana hisesy eo

Teo ambanin'ny fitarihan'ny Sekretera Nasionalin'ny antoko Arema, Simon Pierre mivady, sy ny Sekretera Nasionaly Lefitra misahana an'Antananarivo, Profesora Ange Andrianarisoa mivady sy ireo Komity mpitantana ary mpikambana isan-tsokajiny dia namboly hazo toy ny fanaony isan-taona ny antoko Arema, ho fankalazana ny 8 martsa. Zanaka hazo fihinamboa maro karazany miisa 500 no nambolena ary nokojakojaina sy nososohana ireo natao ny taona lasa. Namafisin'ny Sekretera Nasionaly fa handray anjara amin'ny fifidiana rehetra izay hisesy ny antoko Arema. Hambara tsy ho ela amin'ny fomba ofisialy ny aranan'ireo kandidà sy ny distrika hirotsahany.

**Helisoa**



*Ny fambolen-kazo nataon'ny antoko Arema teny amin'ny kaominin'i Tsiafahy, Atsimondrano.*

Haino aman-jery

## Nesorina ny talen'ny TVM



*Ny talen'ny TVM nesorina.*

Maro ireo fanendrena teo aloha nofoanana tamin'ny filan-kevitry ny ministra ny alarobia farany teo, izay notarihan'ny filoha Andry Rajoelina. Anisan'ny nofoanana tamin'izany, araka ny tolo-kevitry ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina Lalatiana Rakotondrazafy ny fanendrena ny talen'ny Televiziona Malagasy, TVM, Hery Razafimahefa, mbola tsy foana kosa aloha hatreto ny fanendrena ny tale jeneralin'ny ORTM, sy ny talen'ny Radio Madagasikara, mbola mijanona amin'ny toerany aloha izy ireo. Raha ho an'ny talen'ny TVM nesorina ity dia efa tsapa ihany ny hanesorana azy tamin'ny nitsabahan'ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy, momba ny fandaminana ny fanolorana vaovao amin'ity fahitalavi-pirenena ity, izay izy ministra mihitsy no nanondro ireo ho mpanolotra vaovaon'ny TVM ny volana febroary teo. Ankoatra izay fanafoanana izay, nofoanana ihany koa ny fanendrena ireo talem-paritry ny serasera rehetra amin'ny faritra 22 eto amintsika.

**Ny Valosoa**

Vakinankaratra

## Rakotomahandry Timothé no mitantana vonjiamika ny faritra

Tao anatin'ny firahalahiana tanteraka no nanatanterahana ny famindran-draharaha teo amin'ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana Rakotomahandry Timothé sy ny Lehiben'ny Faritra teo aloha, Général de division Rakotonarivo William. Natao tao amin'ny biraon'ny Faritra Vakinankaratra ny tolakandron'ny alakamisy teo. Nanatrika izao lanonana famindram-draharaha izao ny Préfet an'Antsirabe Andriatomponera Voahangiharimino. Voatendry ho Lehiben'ny Faritra ny 26 oktobra 2016 ny Général de division Rakotonarivo William ary nifarana ny 20 febroary teo tamin'ny alalan'ny filankevitry ny Minisitra, didim-panjakana lah 2019/155 ny fitantanany ny Faritra. Rakotomahandry Timothé arak'izany no hitantana ny Faritra manomboka eto mandra-paha voatendry ny governoram-paritra Vakinankaratra. Tsy vaovao aminy i Vakinankaratra, efa ela izy no nisehatra teo, sady zanak'i Vakinankaratra rahateo. Rakotomahandry Timothé, 54 taona manambady, manan-janaka mianadahy, Administrateur Civil en Chef de classe exceptionnelle 1er échelon. Nandalina ny lalam-piofanana géographie, rehefa nahavita izany dia niofana tao amin'ny ENAM mikasika ny fitantanan-draharaham-panjakana. Nanomboka ny taona 1990 izy no nisehatra teo amin'ny arak'asa nampianatra ny taranja Geographie.Ny taona 1999 no nanombohany ny fitantanana ny raharaham-panjakana, sous Prefet tao Antanifotsy. 2005 Chef District Betafo, ny taona 2008 Lehiben'ny Distrika tao Arivonimamo. Ny taona 2009 nitana ny andraikitra DAGT an'ny Faritra Vakinankaratra, ny volana Décembre 2015 Sekretera jeneralin'ny Faritra Vakinankaratra. Nanomboka ny 1er Martsa araka ny note d'interim 309/MID/SG/DRH/19. Dia hitana ny andraikitra Chef de Région par Interim. Na dia raharaha ankoban'andro aza no iraka napetraka tamin'ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana dia nanamafy ny tenany fa hitondra rivo-baovao sy hiasa manaraka ny baikon'ny filoham-pirenena amin'ny fanatanterahana ny asa napetraky ny fanjakana taminy.

**Lezama**

## Sakafo Ny Valosoa



Totonkena sy anandrano indray no laoka amin'ny pejin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hasiana tongolo be sy tongolo gasy ary sakamalaho raha tia izany. Hatao ketsaketsa. Dia mihinana finaritra tompoko.

NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny soa azo avy amin'ny paoma, kaokaombra ary sakamalaho



Ny soa azo avy amin'ny paoma, kaokaombra ary sakamalaho indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fikarakarana : diovina tsara ny paoma ary tsy voasana. Voasana kosa ny kaokaombra sy ny sakamalaho. Tetehina madinika ny sakamalaho dia arotsaka ao anaty rano 250 ml vao mangotraka. Alefa ao anaty "mixeur" ny paoma sy kaokaombra voatetika madinika. Alefa ao koa ny ranona sakamalaho miaraka dia totoina ny fangaro. Tsy tantavanina akory fa sotroina amin'izao na dia somary misy faikany aza noho ireo hodipaoma. Ao anatin'ny hoditry ny paoma rahateo no tena ahitana ilay "fibres" "pectine" betsaka. Tombony azo : be "fibres", "flavonoines" ary vitamina C ny paoma. Sady mandrindra ny tahan'ny siramamy ao anaty rà ny paoma no mandrisika ny metabolisma hiasa tsara. Mahavoky be rahateo izy noho ny fisan'ny "pectin". Be rano sady be mpanala arafesina kosa ny kaokaombra. Manana fahafahana manavao ny sela ao anaty izy sady manamandina ny ao anaty no mahavoky ihany koa. Raha ireo roa ireo no ampiarahana amin'ny sakamalaho dia vao mainka mitombo be ny fahafahany mandoro tavy. Sotroina amin'ny vao maraina raha mbola tsy misy na inona na inona ao anaty vavony.

NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Mahanoro any amin'ny faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Mahanoro any amin'ny faritra Atsinanana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Andalovan'ny Lakandranon'i Pangalana sy ny reniranon'i Mangoro ity tanàna ity. Misy seranan-tsambo madinika amin'ny Lakandranon'i Pangalana ao Mahanoro, mampitohy azy amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany sy ny faritra Atsimo Atsinanana. Fahiny, nampiasain'i Jean Laborde koa i Mahanoro ho seranan-tsambo nahafahan'ny tany amin'ny faritra amorontsiraka nifanakalo ara-barotra tamin'Antananarivo. Mampalaza azy ny fambolena kafe, jirofo, lavanila, vary, eo koa ny sehatry ny jono.



## Romana 16: 25-26

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 117), Madagasikara 07 martsa 2019

***Romana 16: 25-26 "Ary ho an'izay mahay mampahery anareo araka ny filazantsarako sy ny fitoriana an'i Jesosy Kristy, araka ny fampisehoana ny zava-niafina, izay voàfina hatry ny fony fahagola, fa efa naseho ankehitriny tamin'izay soratry ny mpaminany, araka ny didin'i Jehovah Andriamanitra mandrakizay, ka nampahafantarina any amin'ny firenena rehetra hahatonga fanekena ny finoana"***

Ry mpamaky, ry mpihaino! Mety ho hafahafa aminareo izay lazaiko, fa izao : tsy olombelona toa anao ny manao ny FANAMBARANA fa IZAHO Izay mampanoratra, maniraka, mampanao, mampianatra sy mampahafantatra. Izay momba AHY dia nodian-tsy hita sy tsy nofantarina, nafenina mihitsy aza. JESOSY koa dia nolavina, tsy nekena ary dia niniana novaina ny marina momba ANAY ka izany indrindra no anazavana izao zava-miafina izao mba ho fantatrareo. Ny momba ny asa fanompoana no hazavaina aminareo ankehitriny satria hitako fa manjavozavo ny FAHAMARINANA, indrindra eo aminareo izay efa manao ny ASA, izay mifanilika, mifampitsikera, mifanenjika sy mifanome tsiny ary ny sasany aza moa mifanala baraka. Izao no tokony ho hita eo aminareo satria manomboka eo aminareo izay manao ny ASA no atao hoe VAVOLOMBELONA araka ny ANTSO sy ny TENDRY eo aminareo tsirairay avy, dia izao: rehefa hita eo aminareo izany hoe hitan'ny olona, hitan'ny mpino fa hainao ny mampiasa ny Fanomezam-pahasoavana nomena anao, mitoetra tsara eo amin'ny ANTSO niantsoana anao hianao, mino ny fanendrena natao anao hianao dia hain'ny hafa koa ny mandray izay tokony ho anjarany. IZAHO JEHOVAH dia te-hahita anareo tsirairay manana andraikitra eo amin'ny Fiangonana misy anareo avy. Ary eto AHO dia te hampahafantatra sahady satria betsaka no tsy mahalala akory hoe iza moa izy. Ny mpiandry ondry izay mitandrina ny Fiangonana dia tokony mampahafantatra ny anjara asan'ny olona. Hianao koa raha tsy manao ny ASA, tsy fantatrao hoe iza moa ianao. Ity misy ministera anankiray izay sarotra amin'ny olona sy ny Fiangonana mihitsy ny mampiasa sy ny maneho azy dia ny atao hoe "**mpampianatra**" izany. Teo aloha AHO dia nilaza taminareo hoe ny mpiandry na ny pastera izay iray ihany ireo dia mpampianatra koa izy. Indro efa nohazavaiko taminareo hoe ny fampianarana ao amin'ny mpiandry ondry na mpitandrina ny Fiangonana sy ny mpino dia tokony ho hainy tsara ny mampianatra amin'ny antsipirihany ny ao anaty Baiboly toy ny hoe : Fitsanganana amin'ny maty, inona izany? Ny mpiandry ondry dia mampianatra arak'izany hoe: fitsanganana amin'ny maty izay ka mampitandrina ny ondry mba hino sy handray tsara ny fampianarany. Toy izao no fampianaran'ny pastera matetika, tsy maintsy ampianariny miaraka ny filazana an'i JESOSY sy ny Fitsanganana amin'ny maty. Hoy izy: JESOSY dia hiseho eny amin'ny rahon'ny lanitra rehefa tonga ny fotoana, ***Asan'ny Apostoly 17: 18**[b] "Toa mitory andriamani-baovao izy, satria Jesosy sy ny fitsanganan'ny maty no notoriny."* Ny pastera dia milaza ny amin'ny fanantenana fa hitsangana amin'ny maty ny olona ka hiatrika fitsarana ka izay manao ny tsara sy nibebaka dia ho voavonjy fa ny mpanota sy ireo izay tsy nibebaka kosa dia ho any amin'ny farihy afo, ***Asan'ny Apostoly 24: 15** "ary manantena amin'i Jehovah Andriamanitra aho, izay antenain'izy ireo koa, fa hisy fitsanganan'ny marina sy ny meloka."* Mampitandrina foana ny pastera fa alohan'izany dia mbola afaka miomana am-bavaka tsara sy mitoetra ho masina tsara ary tsy hoe miandry fotsiny fa miasa arak'izay nolazaiko. Ny mpitandrina koa dia mampianatra ny amin'ny Fibebahana, ny famelan-keloka, ny Batisa, ny Batisan'ny Fanahy Masina sy ny Afo. Amporisihany izay vaovao handroso mba ho tonga ao amin'ny TENY FIKASANA. Ny tanjona dia samy hahalala ny programako, ny andro farany sy ny sisa. Izany rehetra izany no fampianaran'ny pastera, ny antony? Vokatsoa azo amin'ny fahalalana sy ny fiantraikan'ny tsy fahalalana. Eto dia misy indray ny atao hoe "**mpampianatra**" fotsiny. Ahoana indray izany? Io mpampianatra io dia sady misionera koa, izany hoe : izy indray dia mitety vohitra sy tanàna amin'izay efa misy Fiangonana mijoro sy mitsangana. Izany hoe manamafy izay efa ampianarin'ny pastera. Eto izany AHO JEHOVAH dia miteny hoe n'iza n'iza mpampianatra dia HERY sy FAHEFANA koa no miaraka aminy. Ny antony dia mba ho voarain'izay mihaino ny fampianarana ka mampandroso sy mampitombo azy. JESOSY koa dia sady nanana ny Fanomezam-pahasoavana rehetra ary koa niasa tao amin'ireo ministera dimy ireo; nataony daholo izany. Ny Batisan'ny rano sisa no natao AZY teo amin'ny tanin'ny velona mba ho hitan'ny maro, ***Matio 3: 16** "Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka taminy izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin'i Jehovah Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny."* izay midika hoe : ilay voromailala dia FAHAFENOANA TANTERAKA avy aty ambony. Nitory teny IZY, Matio 5. Nitory Fibebahana koa IZY, Marka 1: 15.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## TSENA ZAIMAIKA

# Nanao fanadiovana izay fanao isaky ny 3 volana ny CUA



*Ny fanadiovana ny tsena fivarotan-tsakafo Zaimaika tetsy Analakely.*

Anisan'ny maha saro-piaro sy zavadehibe ho an'ny mpitantana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny fahasalaman'ny mponina ary miezaka hatrany izy ireo amin'ny fanaraha-maso akaiky ny fahadiovana sy ny kalitaon'ny sakafo eny anivon'ireo toerampivarotana hani-masaka. Noho izay indrindra dia nidiana tanteraka ny tsena fivarotana hanimasaka Zaimaika ny tontolo andron'ny alakamisy teo noho ny fanadiovana goavana izay niarahan'ireo rantsamangaika avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, toy ny mpanadio avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, ny Sampana Mpamonjy Voina, ny BMH, ny solontenan'ny mpivarotra ao amin'ny Zaimaika, ny mpitantana ny tsena. Marihana fa isaky ny telo volana no fanaovan'izy ireo ny fanadiovana goavana toy izao, ankoatra ny fanadiovana izay efa ataon' ireo mpivarotra isan'andro. Ankoatra izay dia misy ihany koa ny fandrarahana ranom-panafody mamono ny otrik' aretina sy ny biby kely izay ataon'ny BMH. Tonga teny an-toerana ihany koa ny ministeran'ny fahasalamana mba hanara-maso akaiky ny fahadiovana sy ny kalitaon'ny sakafo. Araka ny nambaran'ny tompon' andraikitry ny tsena dia atao matetika ny fanadiovana toy izao, mba ho fitsinjovana sy ho fanomezana fahafaham-po ireo mpanjifa ary nanamafy hatrany ity farany, fa azo antoka tanteraka ny sakafo eny amin'ity toerana iray ity. Ankoatra ny fanadiovana dia nasiana «la bache" vonjimaika ihany koa ny tafon'ity toeram-pivarotana ity mandra-pahitana ny vahaolana maharitra amin'ny fanamboarana tafo.

***Aly***

## Boriborintany faha 3 (CUA)

# Nohavaozina ny 90% ny biraom-pokontany Antaninandro Ampandrana



*Feno Ralambomanana avy amin'ny Fondation Ralambomanana, angady nanana ny fanavaozana ilay biraom-pokontany.*


Notokanana ny alakamisy maraina teo ny biraon'ny fokontany Antaninandro Ampandrana, izay nohavaozina 90 % ny trano sy ny fitaovana tao amin'izany biraompokontany ao amin'ny Boriboritany faha-3, eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) izany. Nanatrika sy nanome voninahitra ny fotoana tao an-toerana ny talen'ny kabinetran'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Aina Stelanony, izay nisolotena ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana, ny lefitry ny distrika sy ny delegen'ny boriborintany faha 3, Hery Razafintsalama ary ny sefo fokontany ao antoerana sy ny sefo fokontany 33 manerana ny boriborintany. Angady nanananana sy vy nahitàna ny asa fanamboarana izao dia i Feno Ralambomanana, zanaky ny boriborintany faha 3 avy amin'ny Fondation Ralambomanana. Nanambara ity farany fa amin'ny maha zanaky ny tanàna azy dia mitondra ny anjara biriky tamin'ny fanavaozana ny fokontany izy. Ny tanjona dia ny hanatsaràna ny kalitao omena ny mponina ao amin'ny fokontany. Hoezahana hoy izy ny hanitatra ny fanatsaràna manerana ny fokotany 33 ambiny ao amin'ny boriborintany faha 3. Ny talen'ny kabinetran'ny kaominina kosa dia nanambara mazava fa manjara ny fokontany Antaninandro Ampandrana nahazo izao fotodrafitr'asa izao. Anisan'ny sangany eto Antananarivo Renivohitra ity fokontany ity hoy izy, ka ilaina ny fanajàna ny fotodrafitr'asa araka ny nampitain'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Ny Fondation Ralambomanana, izay nahavita ny fanavaozana izao foto-drafitrasa izao dia tia an'Antaninandro Ampandrana, tia an'Antananarivo, ary mety ho tia sy hahavita zavatra eto Madagasikara koa ry zareo hoy izy. Ny asa natao teto dia nanavao ny trano, nasiana trano fidiovana sy fivoahana ary nanavao koa ireo fitaovana rehetra tao amin'ity biraom-pokontany ity.

***Helisoa***

AMBOHIMIRAHAVAVY TSIROANOMANDIDY

# Mikatso ny fanadihadiana momba ireo mpitandro filaminana nitifitr'olona

Nitaraina ny fianakaviana iray avy any Ambohimirahavavy Toby, Kaominina Miandrarivo, Distrikan'i Tsiroanomandidy, mahakasika ny fitifiran'ny zandary miasa any an-toerana an'Andriamatoa Ramaharavo Georges zanak'izy ireo ny faha 31 janoary 2019 tolakandro teo. Maty vokatr'izany io tovolahy io, ary nalevina ny 01 febroary 2019. Raha ny zava-misy araky ny fitantaran'Andriamatoa Edmond, anisan'ny fianakavina dia tonga tao Ambohimirahavavy ny zandary chef de Poste avy eo Ambohidrangory sy ny Lieutnant iray hafa tamin'io fotoana io ary naka an-keriny an'i Ramaharavo tao an-tranony izay mbola teo ampisakafoanana. Tsy nisy fanazavana, tsy nisy "ordre de mission" tany amin'ireto zandary ireto fa avy dia noentiny nivoaka ilay tovolahy ary notifiriny tsy lavitra ny fonenany, izany hoe teo an-tokontany. Bala 5 teo amin'ny vatany no nahafaty azy. Nangataka fanazavana ny fianakaviana saingy tsy nahazo fahafahampo fa araka ny baikon'ny lehibe, io no navalin'ireto zandary. Lasa izy ireo taorian'izay ary nanao farateny fa



Ny taratasy fitarainana nataon'ny fianakavian'ny maty.

mbola hiverina haka hafa indray. Tsy mbola nisy zavatra nahavoaroiroy, na antom-pitsarana naha-voasaringotra ity tovolahy ity, na koa hoe fahatratrarana fanaovana asa ratsy ambodiomby raha ny fanazavana hatrany, ka nahagaga azy ireo izao famonoana tsy mazava sy tsy manaradalàna ny havan'izy ireo izao. Nanoloana izay dia nanatona ny lehiben'ny zandary teo an-toerana izy ireo nangataka fanazavana, ary teo no nahalalana fa tsy nanome iraka na baiko azy ireo ny Kômandin'ny vondron-tobim-pileovan'ny Zandary Bongolava. Ny "ordre de mission" rahateo rehefa nanontaniana dia tsy nisy akory. Nasain'ny kômandin'ny zandary nanao taratasy fitoriana ireto fianakaviana ary nilaza ny hanao ny fanadihadiana izy ireo. Efa nisy arak' izany ny fitoriana nalefan'izy ireo teny anivon' ny fampanoavana tao Tsiroanomandidy sy tany amin'ny Bianco Antananarivo, ary miandry ny akon'izay ireo fianakaviana. Ao anatin'io fitoriana io raha jerena dia ilay chef de poste Ambohidrangory sy lieutnant iray ary ramatoa isampianakaviana izay ahiahian' izy ireo ho niray tsikombakomba tamin' izao raharaha vonoan' olona izao. Manaitra ny sain'ny tompon'andraikipanjakana araka izany izy ireo mba hijery akaiky izao toe-draharaha izao, sy hanafaingana ny fanadihadiana satria hatreto dia tsy mbola hita ny tena zavamisy marina sy ny tohin'ny fanadihadiana avy eo anivon'ny zandarimaria any an-toerana. Nambaran'izy ireo hatrany fa nisy resaka vola sy kolikoly ambadik'izao resaka izao. Marihina fa efa nisy ihany koa ny taratasy nataon'ny sefo fokontany milaza ny zava-niseho teny an-toerana tamin'io fotoana io, izay nomarihiny fa tsy nandalo teo anatrehany ny antony sy ny natongavan'ireo zandary ireo.

**Serge**

Finoana, Antsirabe

# Tafakatra any amin'ny fitsarana ny olan'ny FLM Antanimandry

Mihenjan-droa ny tady amin'izao fotoana eo amin'ny biraon'ny synodam-paritany Avaratr'i Mania sy ny komity mpitondra ao amin'ny fitandremana Flm (Fiangonana Loterana Malagasy) Antanimandry Antsirabe, miaraka amin' ireo kristianina any an-toerana. Miafara any amin'ny fitsarana amin' izao ny raharaha. Olana ny tsy fisian'ny pastora efa ela tao amin'ity fiangonana ity, noho izay antony izay, nitady pastora ireo komitim-piangonana tao amin'ity fitandremana ity, satria rehefa misy mariazy na fandraisana, na batisa,… dia tsy misy ny pastora mitarika ny fivavahana. Noho izay antony izay anefa, tezitra ireo avy amin'ny synodam-paritany Avaratr'i Mania, nilaza fa efa tsy pastora FLM intsony no nalain'ireo komity 4 miarahalahy, no sady andraikitry ny synodam-paritany no manolotra Pasitora fiangonana iray. Tsy manaraka ny rafitra ilay Pasitora nanira-tena sy ireo komitim-piangonana hoy ny synodamparitany, koa dia tafakatra eny amin'ny fitsarana ny raharaha amin' izao fotoana.

**Ny Valosoa**

## SARIITATRA : variana manenjika olona hameno an'i Tsiafahy no 100 andro voalohany




Fokontany miisa 6, Boriboritany VI (CUA)

# Nahavitana lalan-kely sy tetezana ny famatsiam-bolan'ny CLD

Fokontany 6 indray no nahazo tombony manokana tamin'ny fahazoana foto-drafitr'asa vaovao, izay novatsian'ny CLD vola ao amin'ny Boriboritany faha-6, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tao anatin'izany fotodrafitr'asa izany, ny fanamboarana ireo lalan-kely simba sy tetezana, ary fanamboaran-dalana teny amin'ny fokontany Ambodivona izay tao anivon'ny boriboritany fahaenina. Izany dia nohon'ny fiaraha-miasa izay nisy teo amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, izay nosoloin'ny delegen'ny boriboritany fahaenina Fehizoro Andriamananjezika tena ; ny solombavambahoaka roa teo aloha. Ireto avy ireo fokontany 6 izay nahazo izany foto-drafitr'asa izany : Andraharo, Ambodivona, Anosisoa, Ambodimita, Morafeno, Ambohidroa. Arak'izany, dia entanina isika mponina hanaja sy hikajy ireny foto-drafitr'asa efa vita ireny hatrany.

**Aly**



Lalankely anisan'ny vita tao amin'ny Boriboritany faha-VI.

Kaominina Ivato

# Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana ny 8 martsa

Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy, omaly 8 martsa koa ny Kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Vavaka fangataham-pitahiana notarihan'ny raiamandreny ara-panahy vehivavy ao amin'ny kaominina Ivato, fizarana fanomezana ho an'ireo vehivavy marefo 1400 isa, avy amin'ny fokontany 13: nahitana vary, menaka, kafe, siramamy, fanehoana ny kolontsaina sy dihy mirindra avy amin'ny faritra samihafa eto amin'ny Nosy sy ny kolontsaina Indonezianina, Afrikana ary fifampizarana ny koba mamy tantely mitam-pihavanana. Ireo no nentin'ny fikambanam-behivavy Destiny, tarihin-dRamatoa Hobisoa Randrianarisoa, vadin'ny ben'ny tanàna, Penjy Randrianarisoa, nanamarika ny andron'ny 8 marsa tao Ivato. Teo koa ny fifampizarana torohevitra miaraka amin'ny vehivavy mpahay lalàna momba ny zon'ny vehivavy.
Nanotrona ity lanonana ity ny vadin'ny ambasadaoron'i Indonezia eto Madagasikara sy ny lehiben'ny boriborintany Ivato.

**Helisoa**




Ny fankalazana ny 8 martsa teny Ivato.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fankalazana ny andron'ny vehivavy 8 marsa tato amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.










Nandray anjara mavitrika ny vehivavy TIM tamin'ny fankalazana ny 8 marsa tany Toamasina.







Ny kandidà Nofy Ialaina Haingoharijaona nanambara tamin'ny fomba ofisialy ny filatsahany ho depiote any Atsimondrano.



